# مقدمة المختصر وربع يس - عام

Teny fampidirana ny famintinana sy ampahefan'ny Yàsìn, ary ny teny fahasamihafana eo amin'n ampahefan'ny Yàsìn ###

Teny fampidirana ny fandikan-teny mankany amin'ilay teny (###)

Dera ho an'Allah, Izay nampidina tamin'ny mpanompony ny Boky, ary tsy nanao fiolakolana tao aminy, ary ny fitahiana sy ny fiadanana ho an'ny Mpaminanintsika Mohammad sy ny fianakaviany, sy mpanara-diany ary ireo izay manaraka azy ireo amin'ny hatsarana mandra-pahatongan'ny andro fitsarana. .. Aorian'izany

Ny dia lehibe indrindra alehan'ny olombelona eo amin'ny fiainany iray manontolo, dia ny diany miaraka amin'ny tenin'Allah ilay Tsitoha.

Ka ny Kor'any Masina dia :

Ilay boky avy any an-danitra irery ihany no tsy isalasalana ny ilazana fa avy amin'ilay Mpamorona be Voninahitra. Hoy Allah ilay Tsitoha :

ذَٰلِكَ الْكِتَابُ لَا رَيْبَ ۛ فِيهِ

Indro ilay boky izay tsy isalasalana ny aminy

[ Sorate Al-Bakarat : 2 ]

Ilay boky nanambatra ireo antony rehetra hazoana hasambarana sy hatsarana, ny fiarovana, ny fandriampahalemana ary ny fitoniana ho an'ny olombelona rehetra, niteny Allah ilay Tsitoha :

إِنَّ هَٰذَا الْقُرْآنَ يَهْدِي لِلَّتِي هِيَ أَقْوَمُ

Hamafisina fa ity Kor'any ity dia mitari-dàlana makany amin'ny tena fahitsiana

[ Sorate Al-Isrà : 9 ].

Ilay boky izay nilazan’Allah Tsitoha hoe :

لَّا يَأْتِيهِ الْبَاطِلُ مِن بَيْنِ يَدَيْهِ وَلَا مِنْ خَلْفِهِ ۖ تَنزِيلٌ مِّنْ حَكِيمٍ حَمِيدٍ

Tsy ahitana hadisoana izany, na tany alohany na ny taty aoriany; fanambarana avy amin'Ilay be Fahendrena, sy Mendri-piderana izany.

[ Sorate Fousilat : 42 ].

Ilay Boky izay nanoloran'ilay Mpahary tena ny hiaro azy manoloana ny fanovana sy fanampiana ary ny fanalana, Niteny Ilay Avo Tsitoha:

إِنَّا نَحْنُ نَزَّلْنَا الذِّكْرَ وَإِنَّا لَهُ لَحَافِظُونَ

Marina tokoa fa Izahay no nampidina ny Fampahatsiahivana (Koro’any), ary Izahay ihany no Mpiaro azy.

[ Sorate Al-Hijri : 9 ].

Ilay Boky izay mirakitra resak'Allah ho an'ny olombelona rehetra, ka nilaza Ilay Avo Tsitoha:

إِنْ هُوَ إِلَّا ذِكْرَىٰ لِلْعَالَمِينَ

Tsy inona akory izy io (Kor'any) afa-tsy fampatsiarovana ho an'izao tontolo izao

[ Sorate śàd : 87 ]

Ilay boky izay maneho ny porofo mivantana ny amin'ny faminanian'i Mohammad (saw), miaraka amin'ny fahagagana rehetra eo amin'ny firafiny, sy amin'ny fampahafantarany momba ny tontolo roa, tsy hita maso sy ny hita maso, sy amin'ny lalàna

entiny, ary amin'ny fanambina ataony amin'ny olombelona sy ny jiny, niteny ilay Avo Tsitoha :

قُل لَّئِنِ اجْتَمَعَتِ الْإِنسُ وَالْجِنُّ عَلَىٰ أَن يَأْتُوا بِمِثْلِ هَٰذَا الْقُرْآنِ لَا يَأْتُونَ بِمِثْلِهِ وَلَوْ كَانَ بَعْضُهُمْ لِبَعْضٍ ظَهِيرًا

Lazao hoe : "Fa na mitambatra aza ny olombelona sy ny djiny, mba hamorona mitovy amin'ity Kor'any ity, dia tsy hahavita velively mitovy amin'izany izy ireo, eny, fa na dia hifanohana aza".

[ Sorate Al-Isrà : 88 ].

Nampidinina tao am-pon'i Mohammad (saw) ny Kor'any masina tamin'ny alàlan'ny Anjely Itokisana Jibril, tamin'ny teny arabo mazava tsara, niteny Ilay Avo Tsitoha manao hoe:

وَإِنَّهُ لَتَنزِيلُ رَبِّ الْعَالَمِينَ * نَزَلَ بِهِ الرُّوحُ الْأَمِينُ * عَلَىٰ قَلْبِكَ لِتَكُونَ مِنَ الْمُنذِرِينَ * بِلِسَانٍ عَرَبِيٍّ مُّبِينٍ *

Ka ity (Kor'any), dia Ilay Tompon'izao tontolo izao no nampidina azy*

ary nidina niaraka tamin'izany, Ilay Fanahy mendri-pitokiana*

tao am-ponao, mba ho isan'ireo mpampitandrina ianao*

amin'ny teny arabo mazava tsara*

[ Sorate As-Shoa'rà : 192 - 195 ].

Nampita sy nanazava ny tenin'ny Kor'any Masina ny Mpaminany Mohammad (saw) araka ny nandidian'Allah azy. Hoy ilay avo Tsitoha :

وَأَنزَلْنَا إِلَيْكَ الذِّكْرَ لِتُبَيِّنَ لِلنَّاسِ مَا نُزِّلَ إِلَيْهِمْ

Ary taminao no nampidinanay ny Kor'any, mba hanazavanao amin'ireo olona izay nampidinina tamin'izy ireo

[ Sorate An-Nahl : 44 ].

Noho izany, dia anisan'ireo zavatra tena tsara mampiavaka ny Kor'any Masina dia noho izy mora sy tsotra eo amin'ny famakiana sy ny fahatakarana azy. Hoy ilay avo Tsitoha :

وَلَقَدْ يَسَّرْنَا الْقُرْآنَ لِلذِّكْرِ فَهَلْ مِن مُّدَّكِرٍ

Nataonay ho mora dinihina tokoa ny Kor'any. Mba misy mieritreritra va?

[ Sorate A--Qamar : 17 ].

Ireo mpanara-dia an'i Mpaminany hajaina (RA), no vanimpotoana niaina nahay indrindra ny Kor'any tamin'ny fahalalana sy ny fampiharana azy. Noho izy ireo niaina tamin'ny fotoana nidinan'ny Kor'any ary nandray izany tamin'ny irak'Allah (saw), ary rehefa nanomboka nalemy ny teny Arabo teo amin'ny vahoaka ary nihalavitra ny fotoana nisian'ny faminaniana, dia nitombo ny filan'olona ny fanazavana ny tenin'Allah ilay Tsitoha. Nipoitra ireo boky fandikana ny Kor'any tamin'ireo fizotra maro samihafa, ary nipoitra arak'izany ireo sasantsasany tamin'ny fandikana diso, noho ny fanahiniana na tsia.

Ilaina amin'izao vanim-potoana izao ny fanazavana fohy izay mikendry ny ho marina sy

mora, noho izany no nametrahana ity tetikasa ity, dia ny

"Famintinana ny fandikana ny Kor’any Masina"

Izay manambatra ireto lafin-tsara manaraka ireto :

Fahazavan'ny fehezan-teny sy fahamorany.

Mijanona eo amin'ny fandikana andinin-teny sy fanazavana ny heviny ihany, fa tsy miditra amin'ny resaka fahalalana momba ireo famakina sy famakafakana ara-tsipelin-teny sy ny lalàna, ary ny mitovy amin'izany.

Fanazavana ny voambolana koranika tsy mahazatra mandritra ny fandikana.

Fanarahana ny fomba mety eo amin'ny fandikana, amin'ny alàlan'ny fandraisana ny fandikana marina avy amin'ny Mpaminany (saw), ary ny fandikan'ireo mpanaradia an'i Mpaminany sy ny mpandimby azy ireo (R.A), ary ny fifikirana amin'ny fototry ny fandikana mety.

Ezaka amin'ny fakana ny dikany mafonja indrindra raha misy ny tsy fitovian-kevitra, miaraka amin'ny fijerena akaiky ireo fitsipika mifehy ny fandikan-teny, sy ireo fombafomba hoentina mandaja ny mampafonja izany eo amin'ireo mpandika teny.

Fitanisana ny sasany amin’ireo tari-dalana sy tombontsoa azo avy amin’ny andininy eo amin’ny faran’ny pejy tsirairay. Izay manampy amin’ny fandinihana azy, sy ny fahazoana tombony feno avy

amin’izany, eo ambanin’ny lohateny mitokana : Anisan'ny ireo tombotsoa sy lesona azo avy amin’ny andininy.

Eo am-panombohana ny Sourat tsirairay dia misy fampahafantarana ny momba azy amin'ny fotoana nidinany (tao Makka na Madina), ary fanazavana fohifohy ny zava-dehibe indrindra amin'ireo tanjony lehibe aminy.

Fanoratana ity fandikan-teny ity eny amin'ny pejy anilany eo amin'ny Kor’any Masina.

Nandray ny andraikiny amin'ny asa goavana amin'ny fanoratana famintinana, ny famerenana, ny fitsarana, ary ny fanaraha-maso izany ireo manam-pahaizana notsongaina, izy ireo izay manana fahalalana manokana amin'ny fandikana sy fotopinoana avy amin'ny firenena Islamika maro.

Tontosa ny asa fandikana famintinana noho ny fiezahana mba hanatratra ny tanjon'ity tetikasa ity sy fanaparitahana izany manerana an'izao tontolo izao, ary hanatontosana ny adidy amin'ny fanaparitahana ny fahitsian'ny Korany Masina amin'ny olona rehetra, ary fandraisana anjara amin'ny famiripiratana ny fototry ny fahasambarana, sy famindram-po, ny filaminana ary fandriampahalemana eto amin'izao tontolo izao,

Ny fiteny (###)

Ity tetikasa ity dia nankinina amin'ny :

Foibe Ruwad ho an’ny dikateny

Izany dia mba fampitana ny hevitry ny Korany Masina amin'ireo mahay io teny io. Mba ho fanampiana azy ireo hahatakatra ny dikan'ny Korany amin'ny fomba mora sy tsotra, ary ny fampiharana ny ao anatiny.

Maniry izahay fa hotanterahin'Allah ity tanjona mendri-kaja ity amin'alalan'ny fandikan-teny ity, izay nanaovanay ezaka lehibe tamin'ny fandiniihana tsara sy fanitsiana ary famerenana azy, mba ho sahaza ho an'ny mpamaky, tsy misy fahadisoana ara-tsiansa, ary mora azon'ny olona rehetra mamaky azy amin'io fiteny io.

Eto am-pamaranana

Ity no fanontana voalohany / faharoa amin'ny fandikana ny "Famintinana ny fandikana ny Kor'any Masina" amin'ny fiteny ###, izay niezahanay tamin'izany teny izany ny fandikana tamin'ny alàlan'ireto dingana manaraka ireto:

Fandikan-teny.

Fanitsina ara-tsipelin-teny

Famerenana araka ny lalàna islamika.

Fankatoavana sy fanontana.

Fanitsiana sy fampivoarana.

Niezaka izahay nitady ny marina araka izay azo atao, ary niezaka ny hahatratra ny fahafenoana araka izay tratra. Ka izay marina dia noho ny fahasoavan'Allah sy ny fahombiazany, ary izay diso kosa dia avy amin'ny tenanay. Mangataka amin'Allah izahay mba hamela ny fahadisoana kely

tafatao, ary hanome vokatsoa avy amin'ity fandikan-teny ity, ary mba ho ekeny izany. Izy no malala-tànana indrindra amin'izay rehetra angatahana sy mpamaly fiangaviana indrindra.

Misaotra ho an'izay rehetra nanao ezaka tamin'ny fanaovana ity fandikan-teny ity sy ny fanitsiana azy, ary manentana anao izahay mba hanolotra anay fanamarihana na soso-kevitra amin'ny fampivoarana azy eo amin'ny sehatra elektronika natokana ho an'ny fandikana "Ny famintinana ny fandikana ny Kor'any Masina."

www.mokhtasr.com

Na amin'ny mailaka :

translate@mokhtasr.com

Komity siantifika

Fanoroam-pejy ny anaran'ireo Sorate

Ary fanazavana momba ny Sorate Makkia sy Madinia

Ny Sorate

ny laharany

Ny pejy

Famintinana ny fandikana ny Kor'any Masina

Al-Fatihah sy ampahefan'ny Yàsìn

Lahatsoratra arabo

Fandikan-teny

Sorate Al-Fatihat sy ny ampahefan'ny Yàsìn ao amin'ny boky famintinana ny fandikana ny Kor'any Masina

Ny dikany

ny zo rehetra dia arovana

Ny dikany

Dar Al-Mukhtasar ho an'ny Famoahana sy Fanapariahana

Ny dikany

Fanontana voalohany 1445 AH 2023 AG

Ny dikany

Omena alàlana ny fanontana manokana ho an'ny fikambanana mpanao asa soa sy ara-barotra rehefa nahazo fankatoavana an-tsoratra avy amin'ny "Dar Al-Mukhtasar ho an'ny Famoahana sy Fanapariahana."

Ny dikany

Fanjakan'i Arabia Saodita - Lameka

Ny dikany

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be indrafo, Ilay Be fiantrana.

Ny dikany

FAMPIDIRANA

Ny dikany

Dera ho an'Allah, izay nampidina tamin'ny mpanompony ny Boky, ary tsy nampiditra fiolikolihana tao aminy, ary ny fitahiana sy ny fiadanana ho an'ny Mpaminanintsika Mohammad sy ny fianakaviany, ny mpanara-diany ary ireo izay manaraka azy ireo amin'ny fahamarinana mandra-pahatongan'ny andro fitsarana.. Aorian'izany :

Noho ny ezaka entina hanakaikezana ireo dikan'ny andininy ao amin'ilay boky ho an'ny

mpamaky rehetra fa indrindra ireo sangany vao nipoitra amin'izy ireo, no namoahana ity:"Al-Fatihah ampahefan'nyYasin" anisan'ny famintinana ny fandikana ny Korany Masina" amin'ny fiteny ###. Niezaka nanambatra ireto lafitsara mampiavaka azy manaraka ireto ny mpanoratra:

Fahazavan'ny teny sy fahamorany.

Mijanona eo amin'ny fandikana andinin-teny sy fanazavanaa ny heviny, tsy miditra amin'ny fahalalana momba famakina sy tsipelin-teny ary ny lalàna, sy ny toy izany.

Fanazavana ireo voambolana koranika tsy mahazatra mandritra ny fandikana.

Fanarahana ny fomba mety eo amin'ny fandikana, amin'ny alàlan'ny fandraisana ny fandikana marina avy amin'ny Mpaminany (S.A.W), ary ny fandikan'ireo mpanaradia an'i Mpaminany sy ny mpandimby azy ireo (R.A), ary ny fifikirana amin'ny fototry ny fandikana mety.

Ezaka amin'ny fakana ny dikany mafonja indrindra raha misy ny tsy fitovian-kevitra, miaraka amin'ny fijerena akaiky ireo fitsipika mifehy ny fandikan-teny, sy ireo fombafomba hoentina mandanja ny mampafonja izany eo amin'ireo mpandika teny.

Fitanisana ny sasany amin'ireo tari-dalana sy tombontsoa azo avy amin'ny andininy eo amin'ny faran'ny pejy tsirairay. Izay manampy amin'ny

fandinihana azy, sy ny fahazoana tombony feno avy amin’izany, eo ambanin’ny lohateny mitokana : Anisan'ny ireo tombotsoa sy lesona azo avy amin’ny andininy.

Eo am-panombohana ny Sorate tsirairay dia misy fampahafantarana ny momba azy amin'ny fotoana nidinany (tao Makka na Madina), ary fanazavana fohifohy ny zava-dehibe indrindra amin'ireo tanjony lehibe aminy.

Fanambarana ireo rehetra voalaza any aloha, ary fanoratana izany eny anilan'ny soratra koranika hoan'ny "ampahefany' Yasin."

Mangataka amin’Allah ilay Tsitoha izahay ny amin'ny fahombiazana sy ny fandraisana ny ezaka, Misaotra ho an'izay rehetra nanao ezaka tamin'ny fanaovana ity fandikan-teny ity sy ny fanitsiana azy, ary manentana anao izahay mba hanolotra anay fanamarihana na soso-kevitra amin'ny fampivoarana azy eo amin'ny sehatra elektronika natokana ho an'ny fandikana "Ny famintinana ny fandikana ny Korany Masina."

(www.mokhtasr.com

www.mokhtasr.com

Na amin'ny mailaka :

(translate@mokhtasr.com)

translate@mokhtasr.com

Manantena izahay mba ho marina ny fandikana ireo litera mitsitapatapaka voalaza ao amin'ny ampahefan’ny' Yasin mandritra ny fanoloana ny

"Sorate Al-Baqarat" ho amin'ny "Sorate Yasin" sy fanovana izay tsy maintsy hovaina.

Lahatsoratra arabo

Fandikan-teny

(Yasīn) Isan'ireo litera manokatra ireo sourat sasantsasany ao amin'ny Kor’any, ary izy dia litera abidy izay tsy misy dikany raha toa ka miseho tokana toa izao (A, B, D, sns.), misy fahendrena ny fisiany. Satria ny rehetra ao amin'ny Koroany dia misy fahendrena avokoa ny amin'ny fisiany, ka anisan'ny fahendrena lehibe amin'ny fisiany dia ny hoe : miresaka ny fanamby amin'ny Kor’any izay ahitana ireo litera izay fantan'izy ireo sy iresahany; Noho izany dia matetika misy filazana ny Kor’any Masina aorian'izy ireny, toy ny ao amin'ireto Sorate ireto.

(Ṣàd) Efa voalaza teo aloha ny resaka tahaka azy amin'ny litera mitsitapatapaka amin'ny fiandohan'ny Sorat Yasin. Mianiana amin'ny Kor’any aho izay mirakitra ny fampahatsiahivana ny olona ny amin'izay mahasoa azy eto an-tany sy any an-koatra. Tsy araka izay noheverin'ireo mpanompo sampy momba ny fisian'ny mpiara-miombona amin'Allah.

(Hàmìm) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sorate Yàsìn

(Hàmìm) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sorate Yàsìn

(Hàmìm - Aì’n Sìn Qàf) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sorate yàsìn

(Hàmìm) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sotate yàsìn

(Hàmìm) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sotate yàsìn

Hàmìm) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sotate yàsìn

Hàmìm) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sotate yàsìn

(Qàf) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sorate Yàsìn.Nianiana tamin’ny Kor’any Masina i Allah noho ny heviny sy ny habetsahan’ny fahatsarana sy ny fahasoavana voarakitra ao aminy. Hatsangana amin’ny maty ianareo amin’ny andro farany ho amin’ny fitsarana sy fanomezana valin-kasa.

(Nòn) Efa voaresaka ny toa azy any amin'ny fiatombohan'ny sourate Yàsìn. Allah mianiana amin'ny penina, ary mianiana amin'izay rehetra soratan'ny olona amin'ny penin'izy ireo.

# Fanoroam-pejy

No table of contents entries found

mg365v1.0 - 04/09/2026